

Fanontaniana: Avy amin'ireo andininy ireo, inona no tsy maintsy ataontsika ary lasa inona isika noho izany?

“Fa izay rehetra nandray Azy


dia nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny anarany” Jaona 1:12

“Fa "izay rehetra miantso ny anaran'ny Tompo no hovanjena" Romana 10:13

Romana 10:13

“Izay manana ny Zanaka no manana ny fiainana; izay tsy manana ny Zanak'Andriamanitra no tsy manana ny fiainana.

Izany no nosoratako aminareo, izay mino ny anaran'ny Zanak'Andriamanitra, mba ho fantatrearo fa manana fiainana mandrakizay hianareo.” I Jaona 5:12,13



Hoy Jesosy,

“Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mandre ny teniko ka mino Izay naniraka Ahy no manana fiainana mandrakizay ka tsy hohelohina; fa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana izy.”

Jaona 5:24

Anao ny safidy: Manaiky ny fanomezana ny fiainana mandrakizay ankehitriny amin'ny fandraisana an'i Jesosy Kristy ho Mpamonjinao ka manao vavaka tahaka ity:

Andriamanitra Avo indrindra, nanota tamin'ny aho tamin'ny fisainana, teny sy ny nataoko. Mifona aho ny amin'izany ary maniry aho mba havelan'i Jesosy Kristy ny fahotako rehetra.

Izao dia mandray anao aho ry Jesosy Kristy Tompo ho Mpamonjiko sy Andriamanitra, ary miantso anao aho ry Jesosy Tompo mba:

- hamonjy ahy amin'ny otako sy ny Farihy Afo
- raiso any an-danitra aho rehefa maty ary
- omeo ny fanomezam-pahasoavan'ny fiainana mandrakizay aho ankehitriny

Izao dia manokatra ny varavaran'ny foko sy ny fiainako aho ho anao ry Tompo Jesosy mba ho Mpamonjiko sy sakaizako ary Andriamanitra ianao mandrakizay amin'ny anaran'i Jesosy Amena!

Sonia:Daty:

Hoy Jesosy: “**ary Izaho manome azy fiainana mandrakizay, ka tsy ho very izy mandrakizay,**”

Jaona 10:28


F1: Efa niantso an'i Kristy ve ianao hamonjy anao amin'ny otanao? Tena tamin'ny fonao ve izany? Ao amin'ny Romana 10:13 dia inona ianao izao? Inona no namonjena anao? Raha maty ianao anio dia hankaiza? Nahoana? Voavonjy ianao izany, araka ny hevitrao mety mbola ho very indray ve izany fiainana mandrakizay izany? Jereo jaona 10:28 (etsy ambony) Inona no dikan'ny hoe “tsy ho very izy mandrakizay” ?

“**satria raha manaiky an'i Jesosy ho Tompo amin'ny vavanao hianao ary mino amin'ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin'ny maty, dia hovanjena hianao.**” Romana 10:9

F2: Ahoana no fomba hahafantaranao an'Andriamanitra bebe kokoa? Diniho isan'andro ny Baiboly (1Petera 2:2); miresaha amin'Andriamanitra; manatreha fampianarana ny Baiboly ao am-piangonana (Hebreo 10:24,25);teneno amin'ny hafa fa afaka mamonjy azy ireo Jesosy, aoka atao Batisa (Asa 10:47,48) Lazao amin'ny olona fa efa voavonjy ianao (Romana 10:9) Manatona na miantsoa anay raha tapa-kevitra ny handray an'i Jesosy ho Mpamonjinao ianao ahafahanay manampy anao.

FIANGONANA BATISTA FIAINAM-BAOVAO, Tel: 034 01 023 61

STOP!



**FIAINANA MANDRAKIZAY
NO FANOMEZAM-PAHASOAVANA
AVY AMIN'ANDRIAMANITRA
EFA NANDRAY IZANY VE IANAO?**

Hoy Jesosy Kristy: “Mankanesa aty amiko, hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana.” Matio 11:28

“Mitadiava an'i Jehovah, dieny mbola hita Izy, Miantsoa Azy, dieny mbola akaiky Izy. Aoka ny ratsy fanahy hahafoy ny lalany, ary ny tsy marina hahafoy ny heviny; ary aoka hiverina ho amin'i Jehovah ireny, fa hamindra fo aminy Izy, Eny, ho amin'Andriamanitsika, fa hamela heloka dia hamela heloka tokoa Izy.” Isaia 55:6,7


AHOANA no ahafahantsika mahazo ANTOKA ny FIAINANA MANDRAKIZAY?

Tsy maintsy MAHAFANTATRA zavatra 4 isika:

1- SAMY EFA NANOTA AVOKOA NY REHETRA

“fa SAMY EFA NANOTA IZY REHETRA ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra,” Romana 3:23

Ny fahotana dia...



Mametraka ny tena ho voalohany

Tafasaraka amin' Andriamanitra

Tsy mahatratra ny fetran'Andriamanitra

Mpanota be avokoa isika manoloana ny FAHAMASINAN' ANDRIAMANTRA

F 1: Irinao ho Andriamanitrao ve ilay Andriamanitry ny Baiboly?

F 2: Te hiala amin'ny ota ka hanatona an'Andriamanitra ve ianao? (Fibebahana)

“Fa fahafatesana no tambin'ny ota; ary fiainana mandrakizay no fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy Tompontosika.”Romana 6:23

“Ary ny fahafatesana sy ny fiainan-tsi-hita dia natsipy tany amin'ny farihy afo. Izany no fahafatesana faharoa, dia ny farihy afo.” Apokalipsy 20:14

Fanazavana: Satria samy efa nanota avokoa isika Ny fahafatesana dia ...

dia hoy ny lalan'Andriamanitra hoe mendrika ny ho faty sy atsipy any amin'ny farihy afo isika Izany no vaovao mampalahelo. Raha tsy te ho any amin'izany farihy afo izany izaho na ianao, moa ve misy vahaolana? ENY!


Manome antsika maimaim-poana ny fiainana mandrakizay Andriamanitra amin'ny alalan'i Kristy Jesosy fa tsy amin'ny asa soa na ny fombam-pivavahana.

“Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra; tsy avy amin'ny asa, fandrao hisy hirehareha.” Efe. 2:8,9.

Ny fanomezam-pahasoavana dia fanomezana maimaim-poana, tonga dia raisina na tsy raisina. Ny fiainana mandrakizay dia midika hoe mahafantatra an'Andriamanitra manokana ankehitriny ary mankany an-danitra rehefa maty.



Rehefa maty ny vatana



Tsy mamafa ny lasa ny pejy avadika



1. Aza manana Andriamani-kafa
2. Aza manao sarin-javatra ivavahana
3. Aza manonona foana ny anaran'Andriamanitra
4. Tandremo ny Sabata
5. Manaja ny ray sy ny reny


6. Aza mamono olona
7. Aza mijangajanga
8. Aza mangalatra
9. Aza manao vavolombelona mandanga
10. Aza mitsiriritra

Ny ota dia ny tsy fankatoavana ny lalan'Andriamanitra

Manoloana izany, ny LALAN'Andriamanitra dia mano hoe tokony ho any amin'ny Farihy Afo isika, nefa ny FITIAVAN'Andriamanitra dia maniry ny hankanesantsika any an-danitra. Jereo ange ny fomba nanomezan'Andriamanitra famelan-keloka sy fiainana mandrakizay maimaim-poana e!

3- NALAIN'I JESOSY AVOKOA IREO FAMAIZANA ANTSIKA

“Fa Andriamanitra mampiseho ny fitiavany antsika, fa fony mbola mpanota isika, dia MATY HAMONJY ANTSIKA KRISTY.” Romana 5:8



Jesosy no mpamonjy ny olona rehetra Afaka ny ho Mpamomjinao izy izao ankehitriny izao

Tadidio: Nalain'Andriamanitra hiala amintsika avokoa ireo otantsika taloha, ankehitriny ary ny ho avy ka napetrany teo amin'i KRISTY

“Isika rehetra dia samy efa nania tahaka ny ondry, samy efa nivily ho amin'ny lalantsika avy isika rehetra; ary nataon'i Jehovah nihatra tamin'ny avokoa ny helotsika rehetra.” Isaia 53:6

Ankehitriny dia i Kristy no MPAMOMJY (mpitondra ny fahotana) ny olona rehetra.


Izao dia misokatraho an'ny olona REHETRA ny VARAVARANA mankany an-danitra

Nefa ahoana no fomba ahafahantsika miditra ny Lanitra?

- 4- (a) MINO fa JESOSY KRISTY dia:
- Zanak'Andriamanitra
 - Maty teo amin'ny hazofijaliana tamin'ny toerantsika
 - Nitsangana tamin'ny maty indray, sy
- (b) MANDRAY AN'I KRISTY JESOSY ho MPAMONJINY

Ireo no: mahazo FAMELAN-KELOKA MAIMAIM-POANA sy FIAINANA MANDRAKIZAY izao ankehitriny izao.

Izany hoe izao ankehitriny izao ianao no manaiky ny fisoronana nataon'i Jesosy tamin'ny rany teo amin'ny hazo fijaliana ho vidin'ny fahotanao manontolo, matoky an'i Kristy irery amin'ny famonjena anao fa tsy noho ny asa soa na ny fombafombam-pivavahana.



Afaka mahazo antoka isika amin'izany satria fampanantenana avy amin'Andriamanitra hita ao amin'ny Baiboly ireo.